# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Septambra 2018

# 23 Alahady septambra

**Tsy hamarinina amin'ny asan'ny lalàna ny olona, fa amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy.**
Galatiana 2. 16

**Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra.** Efesiana 2. 8

**Ho an'iza ny paradisa ?**

Maro ny olona manana fihevitra tena azy manokana, momba ny fahasoavan'Andriamanitra. Ho azy ireny, ny famonjena dia azo avy amin'ny fanaovana asa soa maro, ampiana famindrampo kely. Izany paradisa izany, aminy, dia feno olona tsara fanahy nahafeno ny fatra kely indrindra takian'Ilay „Andriamanitra tsara fanahy" ; ary ny helo kosa, mazava loatra, dia natokana ho an'ireo fantatra miharihary fa mpanota.

Isaorantsika Andriamanitra, satria hevitra diso ireo, tsy misy ifandraisany amin'ny fahamarinana ampianarin'ny Baiboly. Raha marina tokoa mantsy ireo hevitra ireo, afaka hatoky tokoa ve isika fa hahafeno ilay fatra kely indrindra „azon'Andriamanitra ekena" ? Mety ho tsara laza isika, eo imason'ny mpiara-belona amintsika, nefa inona no mba ho dikan'izany lazantsika izany, raha vao manoloana Ilay Andriamanitra mandinika ny fo ? Rehefa nifanatrika tamin'Ilay Andriamanitra masina i Isaia, fony izy tanora ary mety nihevitra ny tenany hoe mba mendrika ihany, dia voatery niaiky hoe : „Lozako ! maty aho !" (Isaia 6. 5).

Natao indrindra ho an'ireo izay miaiky fa meloka sy very ny fahasoavan'Andriamanitra, fahasoavana feno. Jesosy mihitsy no nanambara fa tsy tonga hiantso ny marina Izy, fa ny mpanota mba hibebaka (Lioka 5. 32). Inona moa no fahamarinana mba azon'ilay jiolahy naseho, izy izay nampanantenain'i Jesosy ny paradisa ny androtr'iny ihany ? Tsy nisy, mazava ho azy ! Hoy ny Soratra Masina : „Fa Kristy koa aza, efa nijaly indray mandeha noho ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika ho amin'Andriamanitra" (1 Petera 3. 18).